Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Juin 2017

I - Teny mahavelona

I. TENY MAHAVELONA

Tenin'Andriamanitra Mk 16, 15-20

15Ary hoy izy taminy: Mandehana hianareo amin'izao tontolo izao, mitoria ny Evanjely amin'ny voaary rehetra. 16Izay hino ka hatao batemy dia ho voavonjy; fa izay tsy hino dia hohelohina. 17Ary izao no famantarana homba izay mino: Handroaka demony amin'ny anarako izy, hiteny amin'ny fiteny tsy mbola hainy izy, 18handray menarana izy, ary na misotro zava-mahafaty aza izy dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tànana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny.

19Ary rahefa niteny tamin'izy ireo Jesoa Tompo, dia nakarina any an-danitra, ka mipetraka eo an-kavanan'Andriamanitra. 20Ary izy ireo kosa dia lasa nitory hatraiza hatraiza, ka sady niara-niasa taminy ny Tompo no nankatò ny fampianarany tamin'ny fahagagana nomba azy.

FANAZAVANA :

- **« Mitoria ny Evanjely amin'ny voaary rehetra »** : Io no hafatra nomen'i Jesoa ny mpianany talohan'ny niakarany any an-danitra. Na dia teo aza ny fisalasalan'ireo mpianatra tamin'ny nitsanganan'i Jesoa ho velona, tsy nahasakana azy tsy hatoky azy ireo izany. Rehefa tsapan'i Jesoa fa efa voaofana tsara ny mpianatra, vonona handray an-tànana sy hanohy ny asa efa natombony, dia nirahiny eran'izao tontolo izao, hitory ny Vaovao Mahafaly.
- **Ary izao no famantarana homba izay mino** :
  - **Handroaka demony amin'ny anarako izy** : izany hoe, handresy ny herin'ny ratsy izay mamotika ny fiainana ny mpino. Ireo izay tonga kristianina sy miaina ny Vaovao Mahafaly dia mahatsapa mandrakariva ny fisian'Andriamanitra eo amin'ny fiainany ary mitandro ny aina.
  - **Hiteny amin'ny fiteny tsy mbola hainy izy** : miova na dia ny fifandraisana sy ny fifampiresahana amin'ny hafa aza, satria fiteny iray ihany no ifampiresahana dia ny fitenin'ny fitiavana.
  - **Handray menarana izy, ary na misotro zava-mahafaty aza izy dia tsy hampaninona azy izany** : maro ireo zava-mahafaty mety miseho eo amin'ny fiainana : ny ady, ny fosafosa, ny fankahalana, ny fialonana sns, izay manimba ny fifandraisana amin'ny samy olona. Izay matoky an'Andriamanitra dia tsy matahotra ireo zava-mahafaty ireo fa manohy manao ny tsara mandrakariva.
  - **Hametra-tànana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny** : rehefa miaraka amin'Andriamanitra dia manatanteraka ny asany ihany koa. Ny madinika sy ny mahantra no ananana tombom-pitia satria jeren'Andriamanitra manokana izy ireny, ary ny fitiavana izay atolotra azy ireo, ka tsapany, dia mahery vaika kokoa noho ny fanafody hafa rehetra ary mitondra fanasitranana haingana.
- **… ka sady niara-niasa taminy ny Tompo no nankatò ny fampianarany tamin'ny fahagagana nomba azy** : Na dia tsy hitan'ny apôstôly maso toy ny niarahany taminy taloha aza ny Tompo, dia miaraka amin'izy ireo mandrakariva. Mankahery azy ireo amin'ny fotoan-tsarotra. Io fisian'Andriamanitra teo anivon'izy ireo io no nahavitany mihoatra noho izay nataon'i Jesoa, fony izy mbola tety an-tany aza. Eo amin'ny fiainako ihany koa ny Tompo, eo amin'ny fiainanao, eo amin'ny fiainan'ny tsirairay. Miara-miasa amintsika Izy, ary mankato ny fampianarana ataontsika. Ny fiangonana no manohy ny asan'i Jesoa, àry isika tsirairay avy no tiany hanohy ny asany

amin'ny fanehoana amin'ny olona rehetra ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra Ray, izany no Vaovao Mahafaly tiany hotorintsika.

FANDALINANA

Ry tanora namana, nandritra izay fotoana izay dia niezaka isika ny hahalala bebekokoa an'i Jesoa, niara-niaina taminy, namantatra izay sitraky ny fony. Eto am-pamaranana ity tapany voalohany amin'ny VO.SA.MI ity dia te-haniraka antsika toy ny nanirahany ny apôstôly izy, hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny voaary rehetra :

1. Manao ahoana ny fahavononanao hanatanteraka ny asa iraka angatahin'i Jesoa aminao ?
2. Inona ireo famantarana eo amin'ny fiainanao ahatsapanao fa miaraka aminao mandrakariva i Jesoa ?
3. Inona no famantarana tena maharesy lahatra ny olona fa eo anivontsika marina ny Tompo ?

Manaova vavaka fisaorana tamin'ny nifidianan'i Jesoa anao manokana ho mpitory ny Vaovao Mahafaly, tamin'ny nametrahany ny fitokisany sy ny fitiavany taminao na dia teo aza ireo fahalemena sy fivadibadihanao matetika.

II - Vatsy

IREO MISIONERA: FIFAMPIZARANA ANDRAM-PIAINANA

Ry tanora namana, faly miarahaba antsika indray amin'izao volana amaraparanantsika ny fifampizarana izao. Eto am-pamaranana tokoa isika ary hiatrika asa maro ao anatin'ireto voalana ho avy ireto.

Indro ary fijoroana ho vavolombelona iraynataona frera salezianina iray izay misiônera any Venezuela no hatolotra antsika eto hahitantsika ny zava-misy any amin'izay aleha hitoriana ny Vaovao Mahafaly sy ny tokony hatao eo am-piatrehana an'izany.

Ialako tsiny fa alefako araka izay nanoratany azy izy ity ka aza gaga raha somary mifangaro ny teny. Aza matahotra anefa fa ho azonareo tsara ny tiana hambara raha mamaky amim-pitandremana ny taratasy ianareo. Mazotoa ary mamaky sy mandinika.

Bonsoir

Antenaiko fa salama tsara ianao mompera Provincial, izaho ihany koa dia azo lazaina fa salama tsara.

Rahefa nipetraka « une semaine » teny amin'ny communauté provincial aho, dia efa ho tapa-bolana indray izao no nifindrako eto amin'ny tranon'ny « scolastique » izay ahitana scolastique 9 mirahalahy ary mompera 3 : ny iray directeur, ny iray économe ary ny iray confesseur (efa antitra) no sady mampianatra ahy ny langue espagnole.

Azo lazaina ho tsy mora ny "situation" (zava-misy) aty amin'izao satria ny « manifestation » ataon'ny mpanohitra ny fitondrana dia mahery vaika isan'andro ary mitombo manaraka izay ihany koa ny isan'ny olona maty! Tena mila « prudent » (malina na mailo) rehefa mivoaka ny trano satria na ny « insécurité »(nytsy fandriam-pahalemana) aza aty dia tena manjaka. Mikorontana tanteraka ny eo amin'ny lafiny "politique, économique et sociale" (politika sy toe-karena ary ny fiaraba-monina). Tena tafalatsaka anaty hatsana lalina ity firenena ity satria zavatra efa nahazo faka ilay izy ka toy ny « cancer » izay mikiky tsikelikely ny firenana (ny vahoaka Venezuelien)! Communiste ny mpitondra ary dictateur (mpanao didi-jadona). Aty dia mandeha manao « manifestation » (fitokonana) avokoa na

ny salezianina aza, satria tsy « pour » (tsy manaiky) ny fitondrana daholo ny olona rehetra. Tsy ho voatantarako eto avokoa ny antony mahatonga ny « manifestation ». Toa olana eo amin'ny Venezuela sy Cuba ilay izy satria Cuba dia te hifehy an'i Venezuela izay miaraka amin'ny mpitondra ankehitriny sy ny teo aloha, dia izay ny olana amin'ny ankapobeany!

Aty dia mahazo ny olona tsy misy ankanavaka ny fahatrana na iza na iza satria dia tena tsy ampy ny sakafo.

"Deux fois" (indroa) izaho izay somary "traumatize" (kely satria:

Ny voalohany : Isaky ny "week-end" (faran'ny herinandro) izahay mandeha manao apostolat amin'ny toerana samihafa. Ary izaho dia nalefa, niaraka amin'ny confrères roalahy, niasa amin'ny "quartier populaires" (kartiebe mponina) iray ary "quartier" somary "dangereux" (kartie somary mampatahotra) satria arak'izay hoe maha "quartier populaire" azy izay. Ny aty dia "pire" (tena ratsy) lavitra noho ny ao Antananarivo ny "quartier populaire" amin'ny resaka "insecurité" sady ny olana aminy tsy mba hoe mangarom-paosy fotsiny fa ny mpandroba tsirairay dia efa samy manana basy ary rahefa misy zavatra tiany ho alaina eny aminao na dia zavatra kely tsy misy dikany aza dia efa tifiriny ianao dia izay!

Eo ihany koa ny resaka "Kidnapping" (fangalana an-keriny) izay tena miroborobo fatratra amin'izao ka dia tena mila mailo tanteraka! Indray Sabotsy iray izay raha nanao apostolat izahay. Ny aty moa ny Oratorio tsy mba mitovy amin'ny any Madagascar fa "oratorio de la rue" (oratorio eny an-dalana) no filaza azy. Izany hoe misy "terrain" kely iray eo amoron-dalana dia eo no avory ny ankizin'ny "quartier". Antsoina any antranony ny ankizy, izany hoe ianao no mande mitady ny ankizy mba ho tonga hamonjy oratorio rehefa Sabotsy hariva satria ny ray aman-dreny dia tsy mandefa ny zanany amin'izao raha tsy fantany ny olona maka ny zanany ao antrano. Tsy mihoatra ny 30 ny ankizy, ary raha mahita 30 ianao dia efa tena maro izay. Ka dia mandondona isam-baravarana rahefa sabotsy tolakandro. Indray Sabotsy izay anefa, raha vao 15mn nilalaovana fotsiny izahay dia raikitra ny fifampitifirana basy teo ankaikinay izay tsy fantatray ny antony. Taitra avokoa izahay rehetra. Ny olona teny amin'ny lalana dia tsy nisy hita intsony fa izahay sy ny ankizy nampilalaovina sisa no teo amoron-dalana teo amin'ilay toerana malalaka. Samy niaro ny ankizy araka zay zakany ary nandeha haingna nivoaka ilay faritra ka nanatitra azy ireo tany ami'ny ray amandreniny. Ka dia rava ny oratorio teo amin'ilay toerana. Somary taitra kely ihany ny tenako tamin'io fotoana io satria zavatra tsy dia nahazatra ahy loatra ilay "situation" (zava-nisy), ary tena taitra moa zany.

Ny faharoa indray dia nivoaka nandeha nanao "commission"(nijery zavatra) izaho sy ny frera iray. Rahefa tonga teo amin'ilay toerana nanaovana "commission" dia naka izay entana ilaina. Mbola vao zavatra kely fotsiny no voarainay dia velona ny "alarme"(fampitandremana) tao amin'ilay trano ary nivoaka izahay. Tato ivelany kay efa grevy be ary efa tena feno olona ny lalana. Ary efa tena afo mijoalajola eo afovoan-dalana miaraka amin'ny vahoaka. Sahabo ho 2 metatra ambonin'ny arabe no misy ilay tranom-barotra izay nidiranay. Niteny tamiko ilay frera fa mbola hijanona kely aloha niaraka tamin'ny "securité"-n'ilay tranombarotra izahay. Izy koa nitazana fa tsy niasa satria nisy ny fanohanana izay niarahana tamin'ny vahoaka. Nanomboka nanao fijery mafy ny "chef"(ny lehibe) teo amin'ilay lalana izay sady misaro-tava. Ary nisy olona maromaro nitangorona no sady hitako fa maka sary amin'ny "telephone" no miresaka manondro anay. Hitako fa somary hafahafa ilay fihetsika ka nanomboka nanontany ilay frera aho nanao hoe misy zavatra tsikaritro hoy aho "entre" antsika sy itsy "chef" itsy sy iretsy olona maromaro mitangorona iretsy fa andao isika hody haingana. Novelomina haingana ny fiara dia lasa nandeha nody. Ary rahefa nody dia bloké indray ny lalana izay nalehanay ka voatery niverina nanao "sens inverse" izay tokony tsy ho azo atao amin'ny "autoroute". Izy moa efa mahita ny "couloirs"(lalana faleha) isan-karazany ka dia tonga soaman-tsara taty an-trano ihany izahay.

Ny ato an-trano ato indray dia misy fotoana mandeha manao « manifestation » any ivelany na andro na alina fa izaho kosa rahefa nahatsikaritra zavatra maromaro dia nanapa-kevitra aloha « pour le moment »(hatreto aloha) mba hijanona ato antrano. Na dia manala ahy aza ny confrère hoe « tu es un missionnaire, alors tu dois combattre aussi pour la réclamation et pour le respect de droit de l'homme et toute sorte d'injustice » (misiônera ianao,noho izany dia tsy maintsy miady ho an'nyfitakiana sy ny fanajana ny zon'olombelona sy ireo tsy fahamarinana isankarazany). Fa izaho namaly hoe aleo aloha

aho mba haka aina kely indray satria maro ny zavatra tena mbola tsy fantako. Satria misy fotoana ihany koa izahay mivoaka vao maraina dia madeha mizara sakafo ho an'ireo olona izay misaron-tava izay miambina ny lalana sy vonona hiady amin'ny « sécurité nationale » raha vao manatona izy ireo. Zavatra tsy dia mbola nahazatra ahy loatra ity fa miezaka ny mi-comprendre (mahazo) aho. Tena "delicat" (zava-tsarotra mila fitandremana) be anefa io zavatra ataonay io satria izahay rehefa mivoaka eny dia tsy mba mitondra saron-tava akory fa mandeha amin'izao ary manolotra ny zavatra izay netinay. Ary tsy mba hoe tonga dia miverina avy eo, fa mbola miresadresaka sy miandriandry eo aloha. Ny "confrere" anefa dia miteny fa tsy maninona hono raha toa ka maty ho an'ny tanindrazana sy ho an'ny fahamarinana. Efa samy mafana fo avokoa ny olona aty.

Izay aloha mompera no azoko ambara fa mandra-pitafa indray!
Mifampivavaka.
Fr.Ndrasana
Mirary Fety sambatra "MARIE AUXILIATRICE"

FIFAMPIZARANA

1- Inona no nanaitra anao tao amin'io fifampizarana io ?
2- Inona avy no zavatra azonao tsoahina avy amin'io fifampizarana nataon'i frera io ?
3- Inona no toetra tokony hananana mba hahafahana mijoro ho tena misiônera marina ?

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

NY FANATONTOLOANA SY NY FOMBA FANABEAZAN'I DON BOSCO ARY NY KOLONTSAINA MALAGASY

Eto am-pamaranana ny dingam-piofanana nataontsika àry dia tsara ho resahina amintsika amin'ny ankapobeny ny lanjan'ny fombam-panabeazana salezianina na ny « système préventif » manoloana ny fanatontoloana. Fanolorana amin'ny ambangovangony ihany anefa no omena antsika eto fa anjarantsika tsirairay no manohy ny fikarohana sy mampihatra ny vokatra azo avy eo.

Manoloana ny fihazakazaky ny fanatontoloana ankehitriny vokatry ny fivoaran'ny hai-raha sy hai-tao na ny teknolojia dia toa samy valalanona sy sanganehana avokoa ny rehetra indrindra moa fa ny Ray aman-dreny sy ny Mpanabe ary ny Mampianatra. Toa very hevitra sy tsy mahita atao amin'izay fomba hitondrana sy hanabeazana ny zanany.

Vokatr'izany dia samy miezaka izy ireo mitady hevitra sy fomba ary lalam-baovao iatrehana io fanatontoloana io, indrindra amin'ny lafiny fanabeazana sy fampianarana. Samy manontany tena sy mikaroka izy ireo manao hoe : « inona no endri-panabeazana mahomby sy azo antoka iainana ity fanatontoloana ity ? »

Ireo manam-pahaizana manokana momba ny pedagojia sy ny psikolojia ankehitriny dia samy miaiky sy resy lahatra fa ny fifandraisana sy ny fifanakalozan-kevitra anatin'ny fifampitokisana sy fitiavana eo amin'ny Mpanabe sy beazina no tena endri-panabeazana mahomby sy azo antoka.

Raha adika amin'ny teny hafa anefa izany dia tsy inona akory izany fa ny fomba fanabeazan'i Don Bosco ihany, dia ny « Système Préventif » izany, izay mifototra tanteraka amin'ny « fifandraisan'ny Mpanabe sy ny Beazina ao anatin'ny fifampitokisana anjakan'ny fitiavana sy ny fiombonana amin'Andriamanitra ary iainana toy ny mpiray tam-po sy fianakaviana iray. » Ho an'i Don Bosco mantsy dia « raharahan'ny fo sy ny fifampitokisana ny fanabeazana. »

Ny fomba fanabeazan'i Don Bosco, izany hoe ny « Système Préventif » izany no isan'ny vahaolona iray lehibe iatrehana ny fananatontoloana.

Ireo fivoriana sy fihaonana ary fiofanana maro samihafa natao na teto an-toerana izany na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia samy manamafy sy manaporofo ny maha-zava-dehibe io endri-panabeazana io avokoa.

Ireto ohatra misy sosokevitra vitsivitsy ho enti-miatrika ny fanatontoloana vokatr'ireny fihaonana ireny :

- Miova ny tontolo iainantsika. Miova manaraka izay ihany koa ny fisainana. Tsy izay rehetra miova akory dia tsara avokoa. Eo indrindra no ilana fandinihana sy fandanjalanjana ny zava-misy iainana.
- Hatsaraina na hamafisina ny fifandraisan'ny mpanabe sy beazina : hamafisina ny fifanakalozan-kevitra (espace de rencontre) eo amin'ny mpanabe sy beazina.
- Tsy zakan'ny maro intsony ny teny midina tsy misy valiny na didin-ko fe lehibe.
- Mila ady hevitra ny tanora ankehitriny. Mila miresaka. Mila resena lahatra ihany koa. Mila toroana lalana.
- Mila hampahafantarina ny tanora sy atao lalim-paka ao anatiny ny mahaizy ny tena, ny mahamalagasy antsika
- Sehatra goavana hanaovana ny fanabeazana ny fianakaviana : Ny Ray aman-dReny no tompon'antoka voalohany amin'ny fanabezana ny zanany (vatana, saina, fanahy).
- Mila kolokoloina ny fifampitokisana eo amin'ny Ray aman-dreny sy ny zanaka.
- Ilaina ny fahaizana mifanakalo hevitra, sehatra iray hafa ny sekoly.
- Eo koa ny fikambanana samihafa na any amin'ny fiarahamonina na any am-piangonana.
- Manao ahoana ny endrim-pifandraisana amin'ireny sehatra ireny ?
- Miparitaka loatra ary matetika mila tsy ho voafehy ny fihanaky ny vokatra ny teknolojia (films, vidéos, boky, revio, sns).
- Adidin'y mpanabe sy mpitondra ny manao sivana, araka izay azo atao, izay mety manampy sy mahasoa ny beazina. Tsy izay rehetra vokatra atolotra dia jifaina avokoa.
- Eo no maha tomponandraikitra ny mpanabe: mijery izay mahasoa. Manala izay manimba.
- Mba ho tena tomponandraikitra tokoa ireo mpanabe dia mila fiofanana. Miezaka mahalala ny zava-misy fa tsy mionona amin'ny efa azo.
- Manokatra ny saina fa tsy mijanona fotsiny amin'ny zavatra nianarana taloha.
- Miezaka mahazo ny toe-tsain'ny tanora fa tsy mitsara ivelany fotsiny hoe: tsy mba toy izao tamin'ny andronay, sns.
- Ilaina hatrany ny fiofanana mitohy.
- Tsy afa-miala amin'ny fanatontoloana ny Malagasy. Kanefa kosa na tsy afa-miala aza dia tsy tokony hanjifa tsy misy fandinihana izay rehetra vokatry ny hafa. Eo no ilana saina mandanjalanja tsy mihinana am-bolony na manara-drenirano fotsiny.

FIFAMPIZARANA :

1/ Teny malaza amin'izao vaninandroa iainantsika izao ny voambolana hoe « fanatontoloana » na ny « mondialisation » amin'ny teny frantsay. Araka ny fahalalanao sy ny traikefam-piainanao, inona moa no atao hoe « fanatontoloana » ?

2/ Misy akony sy vokany eo amin'ny kolontsaina sy ny fomba amam-panaontsika malagasy ve izy io ? Hamarino amin'ny alalan'ny ohatra mazava ny valinteninao.

3/ Nahoana no lazaina fa vahaolana iatrehana ny olan'ny fanatontoloana ny fomba fanabeazan'i Don Bosco na ny « Système Préventif »